# Ilay Voa Tsara Nafafy 26 Jolay 2018

# 26 Alakamisy jolay

**Tsy misy nofo hohamarinina amin'ny asan'ny lalàna eo anatrehany *(eo anatrehan'Andriamanitra)* ... Fa tsy misy hafa, fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra, nefa hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany.**
Romana 3. 20, 22-24

## Tsy amin'ny lalàna, fa amin'ny finoana

— Inona moa no atao hoe „ny Lalàna", ao amin'ny Baiboly ? Manana dikany maromaro io fiteny io. Indraindray izy io dia manondro ny didy folo nomen'Andriamanitra an'i Mosesy, na ireo boky dimy voalohany ao amin'ny Baiboly, na koa ny Testamenta Taloha manontolo. Fa matetika kokoa, ny hoe „Lalàna" dia iantsoana ny fitsipika ara-toe-panahy rehetra nomen'Andriamanitra talohan'ny nahatongavan'i Jesosy Kristy — ary anisan'ireny ny didy folo. Ilaina izany Lalàna izany, satria mampiseho ireo fototra andinihan'Andriamanitra ny asan'ny olona rehetra. Ary foto-pandinihana tsy misy marimaritra iraisana izy ireo, mitaky ny lavorary, ka tsy hain'iza na iza tanterahina. Noho izany ny Lalàna dia mampiharihary amin'ny olona fa tsy afaka ny ho marina amin'ny alalan'ny fahamendrehany manokana izy, eo anatrehan'Andriamanitra. Tsy misy olona tsy voakasik'izany toe-javatra izany. Iza no afaka hihambo fa nankatò hatrany ny didy hoe : Aza mitsiriritra ?

— Ary inona no atao hoe „ny finoana", ao amin'ny Baiboly ? Ny hoe mino dia midika hoe : mitoky amin'Andriamanitra mba ho voavela heloka sy hohamarinina eo imasony. Tsy ilaina ny miezaka hanamarina ny tena amin'ny fankatoavana ny Lalàna, satria tsy vitantsika izany. Fa haintsika raisina kosa ny fahamarinana atolotr'Andriamanitra antsika, fahamarinana mifototra amin'ny sorona nataon'i Kristy, Izay maty nisolo toerana antsika. Izay no manafaka antsika amin'ny fanandevozan'ny ota sy ny ozon'ny Lalàna iampangana antsika.

Ny Lalàna dia masina, marina ary tsara (Romana 7. 12), saingy tsy mahafaka antsika amin'ny fahamelohantsika ; vao mainka aza izy mampiharihary izany. „Fa Kristy no faran'ny lalàna", mba handray ny fahamarinana ireo rehetra mino (Romana 10. 4).